FEPETRA ANKAPOBENY AMIN'NY FAMPIASANA NY TOLOTRA M-KAJY

Première Agence de Microfinance

Orange Money

ANDININY 1: ANTONY

Izao fifanarahana izao dia mameno ireo Fepetra Manokana momba ny Orange Money, ary mamaritra ny votoatiny sy ireo fepetra ankapobeny izay ahitana fa ny PREMIERE AGENCE DE MICROFINANCE MADAGASCAR (izay tondroina eto ambany amin'ny hoe "PAMF MADAGASCAR") miara-miasa amin'ny ORANGE MONEY MAGADASCAR (izay tondroina hoe "Orange Money") dia nanao ny Tolotra M-kajy, ho azon'ny Mpanjifa rehetra manana kaonty Orange Money, ampiasaina ary manaiky izany (izay tondroina amin'ny hoe: "Tolotra". Izao fepetra ankapobeny manaraka izao ary koa ny fanitsiana izany na fanòvana dia manan-kery manomboka amin'ny daty namoahana izany ary mitohy ho azo ampiharina mandritry ny fotoana mampanan-kery ny fifanekem-piaraha-miasa.

ANDININY 2: FAMARITANA

Tsy manohintohina ireo Fepetra manokana momba ny Orange Money, ireto voambolana sy fomba filazan-javatra manaraka ireto (raha tsy hoe voatery raisina ny seha-kevitra iasany) dia toy izao manaraka izao ny famaritana omena azy:

« **Banky Foiben'i Madagasikara » na / »BFM** » dia manondro Ivon-toerana izay miandraikitra ny fanaraha-maso ireo fandraharahana ataon' ny banky sy ny lafiny vola eto Madagasikara

« **Kara-panondrom-pirenena »:** dia taratasy ôfisialy ahazoana mahafantatra ny momba ny olom-pirenena iray. Izy io dia ny Ministeran'ny Aty tany no mamoaka azy.

« **Karatry ny teratany vahiny** »: dia taratasy ôfisialy natao ho an'ny teratany vahiny nahazo alàlana honina mandritra ny fotoana maharitra eto amin'ny firenena malagasy. Izy io dia ny Ministeran'ny Aty tany no mamoaka azy.

« **Karatra SIM »:** dia iantsoana ilay karatra ampiasain'ny mpanjifa ahazoany miditra ao amin'ny Tambajotra Orange Madagascar sy mampiasa ny rafitry ny Orange Money.

« **Centrale des Risques » na « CdR » /** : « Foiben-toerana momba ny Olana Mety hitranga na « FOM » : sampandraharaha ao amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara » na « BFM » izy io, ny FOM no manangona, mamondrona, mitrandraka sy mitantana ireo mombamomba ny vola nindramina avy amin'ny mpanao fanambarana. Ny FOM, ankoatra izay, dia fitaovana iray fanaraha-maso sy fanombanana ireo olana mety hitranga, izay ahazoan'ny Ivon-toerana mpampindram-bola, mamaly araka izay azo atao, ireo fangatahana fampindramam-bola ataon'ny mpanjifa, sy ahazoany mahafantatra, amin'ny ankapobeny, ny momba ny findramambolan'ny mpanjifa sy ireo lafiny miiba mombamomba ny mpanjifa.

« **Mpanjifa** »: dia anondroana olona, mpampiasa ny Tolotra M-kajy, manana Kaonty Orange Money miasa araka ireo fepetra manokana momba ny Orange Money. Voaray amin'izany avokoa ny lahy sy ny vavy ary olona mizaka ny zony araka ny alàna

« **Teny miafina Orange Money** »: dia anondroana ny teny miafina ampiasain'ny mpanjifa mba hahazoany miditra sy mampiasa raharaham-bola rehetra amin'ny alalan'ny Kaontiny Orange Money. Ny mpanjifa noho izany no miandraikitra ny fitazonana izany ho tsiambaratelo. Ilaina io teny miafina io amin'ny fampiasana ny Tolotra ary miantoka fa ilay mpanjifa no nanome ny baiko nampitaina any amin'ny Tolotra Orange Money.

/ « **Kaonty tahiry m-kajy** na « **Kaonty tahiry** »: dia anondroana ny kaonty tahiry nosokafan'ny PREMIERE AGENCE DE MICROFINANCE MADAGASCAR "PAMF MADAGASCAR" amin'ny anaran' ny mpanjifa. Izany kaonty izany dia voarakitra ao anatin'ny bokin'ny PAMF MADAGASCAR vantany vao manao fisotratan'anarana ilay olona. Io kaony io dia handraisan'ny mpanjifa zana-bola ary ary mifandray amin'ny Kaonty Orange Money an'ilay mpanjifa sy ny findainy. Noho izany, ny findain'ilay Mpanjifa irery ihany no ahafahana mampiasa ny kaonty. / « **Kaonty vola nindramina m-kajy** » na « **kaonty vola indramina** »: dia anondroana ny kaonty nosokafan'ny "PAMF MADAGASCAR" amin'ny anaran'ny mpanjifa, ao amin'ny bokiny, isaky ny findramam-bola tsirairay avy nekena ataon'ny Mpanjifa ary apetraka ao amin'ny kaontiny Orange Money.

« **Kaonty Orange Money** » : dia anondroana ny Kaontim-bola amina finday (Monnaie electronique) mifandray amina laharana finday Orange, nosokafana amin'ny anaran'ny Mpanjifa, ka voasoratra ao amin'izany ny karazana vola (UV) ananany sy, avy amin'izany na any amin'izany, ny Mpanjifa dia afaka manatanteraka raharaha famindram-bola na fandoavam-bola, ary koa raharaha mikasika tahiry na findramam-bola.

« **Fangatahana** »: dia anondroana fangatahana iray na fanadihadiana noraisin'ny "PAMF MADAGASCAR" avy any amin'ny mpanjifa na heverina ho avy any amin'ny Mpanjifa tamin'ny alàlan'ny Tambajotra sy ny Tolotra Orange Money ka ny "PAMF MADAGASCAR" dia nahazo alàlana ho afaka miditra an-tsehatra amin'izany.

« **Fitaovana** » : dia ahitana ny finday, ny karatra SIM sy/na izay rehetra fitaovana hafa, izay rehefa ampiasaina miaraka amin'izany, dia ahafahana miditra ao amin'ny Tambajotra Orange Madagascar, ao amin'ny Tolotra Orange Money ary ao amin'ny Tolotra m-kajy.

« **Saran'ny fandraharahana** »: izany dia ahitana ireo sara raikitra (araka ny voafaritra ao amin'ny andininy 7), ireo sazy (araka ny voafaritra ao amin'ny fifanarahana 6.2) ary ny sara hafa rehetra izay tokony haloa amin'ny fampiasana ireo Tolotra navoakan'ny "PAMF MADAGASCAR". Ireo saran'ny Fandraharahana dia mety hasiam-panovana amin'ny fotoana rehetra ka ny PREMIERE AGENCE DE MICROFINANCE MADAGASCAR "PAMF MADAGASCAR" irery ihany no mahalala ny amin'izany.

« **Fantaro ny Mpanjifanao »** na **"FM**": dia manondro ireo fepetra mifandraika amin'ny paikam-panatanterahana "«Know Your Customer" / « fantaro ny Mpanjifanao » (singa famantarana ny Mpanjifa) ary koa ireo antontan-taratasy sy torohay izay tokony hangonina mba hifanaraka amin'ireo fitsipika ireo.

« **Lisitry ny Tolotra m-kajy** »: dia anondroana ny Listry ny Tolotra m-kajy azo idirana ao amin'ny Lisitry ny USSD an'ny Orange Money Madagascar.

« **Ny roa tonta** »: dia anondroana ny PREMIERE AGENCE DE MICROFINANCE MADAGASCAR "PAMF MADAGASCAR" sy ny Mpanjifa. Izy ireo miaraka no tondroina eto amin'ny manaraka eto ho "ny roa tonta".

« **Orange Money Madagascar »** na **« Orange Money**»: dia Orinasa tsy mitonona anarana manana renivola 21 497 500 000 Ariary, ny Foibe toerany dia ao amin'ny Tranobe La Tour, Lalana Ravoninahitriniarivo Ankorondrano, Antananarivo 101, Voasoratra ao amin'ny Rezisitry ny Varotra sy ny Orinasa eto Antananarivo amin'ny Lah. 2011 B 00717, CIF lah. 0206975/DGI/B tamin'ny 6 Oktobra 2011, laharana antontan'isa: 65124 II 2011 0 10742, Nlf 6000618881.

« **Fitaovana fanombanana "PAMF MADAGASCAR**" »: dia anondroana ny fitaovana famakafakana amin'ny lafiny antontan'isa ahazoana manombana ny fahazoan'ny Mpanjifa hirotsaka hanao fangatahana fampindramam-bola m-kajy.

«**Premiere Agence de MicroFinance Madagascar** »: Orinasa tsy mitonona anarana manana renivola 8 371 320 000 ariary ny Foibe toerany dia ao amin'ny 1, Lalana Solombavambahoaka Frantsay 77, Antsahavola, Antananarivo 101, voasoratra ao amin'ny Rezisitra momba ny Varotra sy ny Orinasa eto Antananarivo amin'ny laharana 2012EOO01, Sampandraharaha Fampindramam-bola madinika, tsy fikambanana fifanampiana ambaratonga 3, araka ny fanapahana laharana 00011/2008-CSBF tamin'ny 3 novambra 2008.

"**Toerana Fanjifana ny Orange Money**": dia anondroana ireo mpivarotra Orange Money, ary koa ireo sampana fanjifana Orange sy botika Orange.

« **Fisintonam-bola mandeha ho azy** »: anondroana rehefa mety ho famindrana renivola ivelany (mivoaka) amin'ny Kaonty Orange Money sy/na Kaonty Tahiry m-Kajy ana Mpanjifa ataon'ny Rafitra Orange Money Madagascar na ny Rafitra PAMF MADAGASCAR Madagascar.

«**Relevé**»: anondroana ny mombamomba ireo Raharaha famindram-bola natao faramparany tamin'ny Tolotra m-Kajy na ny raharaha famindram-bola trosa sy vola niditra mifandraika amina famindrana Renivola amin'ny Kaontin'ny Mpanjifa

«**Tambajotra**» anondroana ny tambajotrana finday trandrahan'i Orange Madagascar

« **Sampandraharaha momba ny Mpanjifa Orange Money** »: anondroana ny Foiben'ny Sampandraharaha momba ny Mpanjifa Orange Money izay iantefan'ny fanontaniana rehetra sy ny fitarainana rehetra mifandraika amin'ny Tolotra m-Kajy ary azo ampiasaina amin'ny alalan'ny finday laharana : 204

« **Tolotra m-majy** » na « **Tolotra** »: anondroana ny tolotra mametraka ho azon'ny mpanjifa ampiasaina. Izany hoe kaonty tahiry m_Kajy iray ary koa ny fahafahana hanao fangatahana findramam-bola izay azo atao ao amin'ny Lisitry ny Tolotra m-Kajy. Izany rehatra izany dia mandalo amin'ny Fitaovan'ny Mpanjifa. Ny fisoratana anarana ao amin'ilay Tolotra dia mitarika fanokafana Kaonty Tahiry m-kajy iray amin'ny anaran'ny Mpanjifa ao amin'ny bokin'ny PAMF MADAGASCAR.

« **Tolotra Orange Money** »: anondroana ny Tolotra omen'ny Orange Money sy ahazoan'ny olona iray mampiasa Kaonty Orange Money, manao famindram-bola sy hanatanteraka fandoavam-bola.

« **Sorabola nindramina** »: anondroana ny tentin'ny vola sisa averina amin'ny vola nindramina tamin'ny alalan'ny m-Kajy, amin'ny fotoana angatahan'ny Mpanjifa fampahafantarana ny mombamomba ny vola nindraminy.

«**Rafitra PAMF MADAGASCAR**» anondroana ny vovonana fampandehanan-draharaha sy ny lafiny fampandehanana ny fifanakalozana ara-bola tontosain'ny PAMF MADAGASCAR.

«**Rafitra Orange Money**» / anondroana ny vovonana misahana ny fifanakalozana ara-bola ataon'ny Orange Money, ampiasaina ho amin'ny fampandehanana ny Tolotra Orange Money.

« **Fampindramam-bola** »: anondroana ireo raharaham-pifanakalozana ara-bola sy ny raharaham-bola ankapobeny mifandraika amin'ny Tolotra m-kajy. «**Unite de valeur (UV»>/ Ventin-tsandam-bola**: io dia milaza ventin-tsandam-bola elektrônika ary anondroana rehefa mety ho ventin-tsandam-bola nokajiana araka ny sandam-bola eto an-toerana, mahasolo taratasim-bola, azo amidy aseho amin'ny fampiasana fitaovana elektrônika. Ny ventin-tsandam-bola iray dia mira ariary.

« **LAB -CFT»** dia anondroana ireo paika enti-miady amin'ny famotsiam-bola sy amin'ny Famatsiam-bola ny Fampihorohoroana.

« **SMS** » dia anondroana tolotra iray momba ny hafatra izay ahazoan'ny mpanjifa mandray hafatra an-tsoratra amin'ny findainy na mandefa izany any amina finday hafa.

«USSD (Unstructured Supplementary Service Data» / "USSD" dia manambara ny Sampandraharaha Fanampiny ho ana akora-pahalalana tsy nasiana rafitra. Izany dia momba ny fiasana tambajotrana finday GSM, 3G sy 4G.

Ireo voambolana izay mampita ny heviteny any amin'izay mifanaraka amin'ny sehakevitra (contexte) dia ahitana ny heviteny manambara maro sy ny mitsimbalivaly toy izay (vice versa). Ny lahatsoratra momba ireo fepetra ankapobeny ireo dia natao indrindra mba hampazava ny tiana resahina ary tsy hitarika olana mihitsy amin'ny fanakarana ny votoatin'izao fifanekem-piaraha-miasa izao.

ANDININY 3: FANEKENA ANDRAIKITRA ATAON'NY MPANJIFA -

Ny Mpanjifa dia manaiky ho andraikitra ny hamaky tsara sy hahazo tsara izao fepetra ankapobeny izao izay hitantana ny fampiasana sy fitrandrahana ny Tolotra. Izany no manamarika, ny fiandohan'ny fampandehanana ny Tolotra m-kajy. Raha tsy izany no tontosa, dia tsy tokony hanao ny fisoratana anarana ao amin'ny Tolotra ny mpanjifa. Ireo fepetra ankapobeny ireo dia azo ampiasaina amin'ny endriny elektrônika ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana: www.PAMF Madagascar.mg sy ny tranonkalam-pifandraisana www.orange.mg na amin'ny endriny taratasy any amin'ireo toeram-mpanjifana Orange Money ary ireo Sampana PAMF MADAGASCAR. Ny mpanjifa dia heverina ho nahavoavaky sy mahazo ary manaiky ireo fepetra ankapobeny mikasika izao fifanarahana izao:

- Amin'ny alàlan'ny fanoratana ny teny miafina Orange money izay azy manokana mba hanamafisana ny fandaniana ireo fepetra ankapobeny momba ny Tolotra m-kajy sy ny fampandehanana ny Tolotra. Ho fampiharana ireo fepetra ao amin'ny andininy 123 ao amin'ny Lalàna Lah 66-003 tamin'ny 02 Jolay 1966 (LTGO) nasiam-panovana sy nofenoin'ny Lalàna Lah. 2015-036 tamin'ny 8 Desambra 2015, rehefa manao famandrihana, fisoratana anarana amina tolotra na manao fanamarinana raharaha famindram-bola ny Mpanjifa, amin'ny alàlan'ny fampidirana ny teny miafiny, izany dia midika ho fanekena sy fankasitrahana tsy misy fepetra avy amin'ny Mpanjifa mikasika ireo tolotra voalaza ireo na mikasika izany raharaha famindram-bola izany, ary izany dia mitovy lanja amin'ny fanaovana sonia.
- Amin'ny alalan'ny fampiasana na fanohizana ny fampiasana ny Tolotra.

Ny Mpanjifa dia manaiky fa ny PAMF MADAGASCAR dia manome Tolotra tokana amin'ny alalan'ny elektrônika mandalo amin'ny Sampandraharaha Orange Money.

Noho ny fisian'ny fifanarahana eo amin'ny Mpanjifa sy Orange Money, ny amin'ny famatsiana vokatra / fitaovana sy Tolotra Orange Money, ny Mpanjifa dia manome alalana ny PAMF MADAGASCAR ny hahazo any amin'ny Orange Money ireo torohay momba ny tenany manokana, tafiditra amin'izany, satria tsy tokony ho voafetra amin'ny anarana sy fanampin'anarana, ny daty nahaterahana, karapanondrom-pirenena na Karatry ny teratany vahiny, adiresy sy torohay hafa izay ahafahan'ny PAMF MADAGASCAR mamantatra ny Mpanjifa sy manontany ny fifanarahan'izany amin'ny zavatra takian'ny fitsipika fampiharan-dalàna « **Fantaro ny Mpanjifanao** » ary koa ireo torohay mifandraika amin'ny fampiasan'ny Mpanjifa ny tolotra Orange Money sy ireo vokatra ary ny tolotra Orange.

Manaiky ny hanome ny fampahalalam-baovao rehetra hafa angatahin'ny PAMF MADAGASCAR araka ny fe-potoana takian'ito farany ny Mpanjifa.

Ankoatr'izay, ny Mpanjifa dia manaiky fa ny torohay, anisan'izany ny mombamomba ny Mpanjifa, ny resadresaka amin'ny Foiben'ny Sampandraharaha momba ny Mpanjifa Orange Money sy ny famindram-bola dia azo soratana sy tehirizina mandritra ny dimy (5) taona manomboka amin' ny daty famaranana ny fampiasana ny tolotra.

ANDININY 4: FANEKENA ANDRAIKITRA HOTONTOSAINA EO AMIN'NY PAMF MADAGASCAR ARY RAHA ILAINA DIA HO AN'NY ORANGE MONEY IHANY KOA

Ny PAMF MADAGASCAR sy ny Orange Money dia manaiky ho andraikitra hotontosaina ny hanome Tolotra ny mpanjifa, raha toa ka mahafeno ny fepetra rehetra takiana amin'ny fampiasana ilay tolotra ny Mpanjifa.

Ny PAMF MADAGASCAR sy ny Orange Money dia manaiky ho andraikitra hotontosaina ny fandinihina ny fangatahana rehetra sy ny fitakiana rehetra mahakasika ny Tolotra m-Kajy izay nalefan'ny Mpanelanelana an'ny Sampandraharaha ho an'ny Mpanjifa Orange Money.

Ny PAMF MADAGASCAR sy ny Orange Money irery no hany manan-jo:

- Handà moramora na hamerina amin'ny fotoana rehetra rehefa mety ho fangatahana famandrihana ao amin'ny Tolotra m-kajy ary tsy mila manambara ny antony izy amin'izany,
- Hanamarina any amin'ny Orange Money ny maha-azo antoka ny satan'ny kaonty Orange Money an'ny Mpanjifa,
- Manatsara na manisy fanovana ireo Tolotra misy, sy manolotra ho sosokevitra tolotra vaovao hafa, raha tsy izany.

Izao fepetra ankapobeny izao dia tsy manohintohina velively ireo zo izay mety ho ananan'ny PAMF MADAGASCAR mikasika ny Tolotra m-kajy araka ireo fepetra araka ny lalàna na hafa.

Amin'ny fotoana tsy ahafahana mampiasa ny Tolotra m-kajy, PAMF MADAGASCAR sy Orange Money dia manaiky ho andraikitra ny hanao izay azony atao mba hahafahana mamerina amin'ny laoniny ao anatin'ny fotoana fohy, izay tsy fahazoana mampiasa ny tolotra izay sy handray ny andraikitra ilaina mba hahazoana antoka ny fitohizan'ny kalitaon'ny Tolotra.

Ny Mpanjifa dia tsy maintsy mampandre haingana ny PAMF MADAGASCAR amin'ny alalan'ny Tolotra Orange Money raha toa ka misy fiovana mikasika ny mombamomba azy, raha ampitahaina amin' ilay nambarany tamin'ny fanaovana fisoratana anarana ao amin'ny Tolotra m-kajy.

ANDININY 5: MOMBAMOMBA NY FISORATANA ANARANA AO AMIN'NY TOLOTRA M-KAJY – FEPETRA FAHAZOANA MIROTSAKA HAMPIASA

Mba hahazoana mampiasa ny Tolotra m-kajy, ny Mpanjifa dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra ireto:

- Tsy maintsy feno 18 (valo ambin'ny folo) taona raha kely amin'ny fotoana anaovana ny fisoratana anarana
- Tsy maintsy manana kaonty Orange Money miasa sy kara-panondrom-pirenena Malagasy na karatry ny ny teratany vahiny monina eto Madagasikara.

Ny fangatahana hiditra ao amin'ny Tolotra dia atao amin'ny fampiasana ny elektrônika irery ihany mandalo amin'ny lisitry ny Tolotra m-kajy. Ny fampandehanana ny Tolotra dia hotanterahina araka ireto fepetra manaraka ireto, ny Mpanjifa dia:

- Mandefa fangatahana hisoratra anarana ho ao amin'ny Tolotra m-Kajy, any amin'ny PAMF MADAGASCAR mandalo any amin'ny lisitry ny tolotra m-kajy miainga amin'ny fitaovana ananany.
- Mitendry ny Teny miafiny Orange Money mba hanamafisana ny fanekeny izao fepetra ankapobeny izao izay naman'ny Soniany amin'ny fomba elektrônika. Ny fitendrena ny teny miafina Orange Money dia porofo mazava tsy azo ivalozana ny amin'ny faneken'ny Mpanjifa izao fepetra ankapobeny mikasika ny tolotra izao.
- Ny faneken'ny PAMF MADAGASCAR ny fangatahan'ny Mpanjifa hisoratra anarana dia tanterahina aorian'ny fanamafisan'ny Mpanjifa ny fangatahana nataony amin'ny alalan'ny fanendrena ny teny miafiny Orange Money. Handray SMS ny Mpanjifa, aorian'izay, mampahafantatra azy ny fanekena ny fangatahany ary izay dia manamafy ny faneken'ny PAMF MADAGASCAR ny amin'ny hampiasany ny Tolotra. Nifanarahana mazava, fa ny fampiasana ny tolotra amin'ny alalan'ny Orange Money dia tsy mampisy fifandraisana, na fifanekena eo amin'ny Mpanjifa sy ny Orange Money ankoatra ireo fombafomba sy fepetra Manokana amin'ny kaontin'ny Mpanjifa Orange Money.
- Ny PAMF MADAGASCAR irery ihany no hany manana zo handà amin'ny fotoana rehetra ary tsy ilaina fanazavana, ny fangatahan'ny Mpanjifa hisoratra anarana ao amin'ny Tolotra.

Ny PAMF MADAGASCAR irery ihany no hany manana zo hangataka, amin'ny fotoana rehetra, ireo fampahalalana zava-misy fanampiny na antontan-taratasy hafa mba hahatomombana tsara ny fangatahana hisoratra anarana ao amin'ny Tolotra. Ny tsy fanomezana ireo fampahalalana zava-misy sy antontan-taratasy voalaza ireo ao anatin'ny fe-potoana noferan'ny PAMF MADAGASCAR dia mety hitarika ito farany amin'ny fandavana ny fangatahana hisoratra anarana ataon'ny Mpanjifa.

ANDININY 6: FOMBA FIASAN'NY TOLOTRA

Amin'ny alalan'ny fisoratana anarana ao amin'ny Tolotra m-kajy, ny Mpanjifa dia afaka miditra amin'ireto fampiasana manaraka ireto:

6.1 Kaonty tahiry

Io kaonty io dia tsy azo idirana afa-tsy amin'ny alalan'ny fitaovan'ny Mpanjifa irery ihany miainga amin'ny lisitry ny Tolotra m-kajy. Ny Mpanjifa manana kaonty tahiry m-kajy, amin'ny fotoana rehetra (24 ora / 24 ora sy 7 andro / 7 andro) dia afaka manatanteraka ireto raharaham-bola manaraka ireto:

- Fametraham-bola (famindram-bola miainga amin'ny kaonty Orange Money mankany amin'ny kaonty tahiry m-kajy.) ka ny tentiny farany ambany dia noraiketina ho 200 MGA (roanjato ariary) isaky ny raharaha famindram-bola atao ary ny tentiny farany ambony dia voafetra ho 10.000.000 MGA (iray tapitrisa Ariary) isaky ny raharaha famindram-bola atao ;
- Ny fisintonam-bola (famindram-bola avy ao amin'ny Kaonty Tahiry mankany amin'ny Kaonty Orange Money izay ny tentiny farany ambony dia noferana ho 10.000.000 MGA (iray tapitrisa) isaky ny raharaha famindram-bola atao.
- Fijerevana ny vola ao amin'ny Kaonty tahiry
- Ny isan'ny raharaha famindram-bola azo atao eo amin'ny samy Kaonty dia tsy misy fetrany ary maimaim-poana ho an'ny Mpanjifa.

Ny sorabola farany ambony amin'ny kaonty tahiry dia raikitra ho 10.000.000 MGA (Folo Tapitrisa Ariary), raha ohatra ka misy fampitomboana. Tsy misy sorabola farany ambany takiana.

Ny zanabola dia kajiana sy arotsaka isan'andro amin'ny Kaonty tahiry amin'ny sarany raikitra ho 2,5% (roa faingo dimy isan-jato) isan-taona.

Amin'ny fikajiana ny zanabola, PAMF MADAGASCAR dia mandray ho zava-dehibe ireo daty manan-danja izay mety ho samy hafa araka izay hisian'ny fandrotsaham-bola na fakana vola araka ny fepetra manokany na ireo fanao mahazatra eo amin'ny lafiny banky

6.2 Kaonty findramam-bola

Ny kaonty findramam-bola m-kajy dia ahafahan'ny mpanjifa mindrana vola 5.000 MGA (Dimy arivo Ariary) hatramin'ny 1.000.000 MGA (Iray tapitrisa Ariary) amin'ny taha raikitra ho 9% (Sivy isan-jato), efaina ao anatin'ny 30 (Telopolo) andro izay isaina amin'ny daty famerenambola.

Araka izany, ny mpanjifa dia afaka manao fangatahana findramam-bola amin'ny alalan'ny Lisitry ny tolotra m-kajy, amin'ny fotoana rehetra (24h/24h sy 7a/7a), raha toa ka voahajany ireto fomba sy fepetra manaraka ireto:

- Ny mpanjifa tokony ho eo anelanelan'ny 18 (Valo ambin'ny folo) hatramin'ny 65 (Dimy ambin'ny enimpolo) taona,
- Ny famindram-bola mikasika ny Tolotra toy ny fangatahana findramam-bola sy ny famerenam-bola dia azo idirana amin'ny fitaovan'ny Mpanjifa miainga amin'ny Lisitry ny Tolotra m-kajy.
- Ny findramam-bola dia azo idirana raha toa ka ao anaty ny fepetra mahazo misoratra anarana aloha ny Mpanjifa. Ny PAMF MADAGASCAR no hany manan-jo, hanaiky na handa ireo fangatahana findramam-bola, ary tsy ilainy hamarinina ny anton'ny fanapahan-kevitra izay noraisiny mahakasika izany.
- Raha ekena ny fangatahana findramam-bola ataon'ny mpanjifa, ito farany dia afaka mangataka findramam-bola mitentina 5.000 MGA (Dimy arivo Ariary) farany ambany ary 1.000.000 MGA (Iray tapitrisa Ariary) farany ambony.

- Ny Mpanjifa dia mampahafantatra ny fankatoavany ireo fepetra manokana momba ny findramamm-bola, ao anatin'izany ny tentim-bola azo (nofaritana ka ny PAMF MADAGASCAR ihany no mahalala azy), ny tentim-bolan'ny sara raikitra voasokajy ho 9% (Sivy isan-jato) amin'ny tentim-bola tamin'ny findramam-bola azo, ny datin'ny fe-potoan'ny hamaranana ny famerenana ny vola nindramina sy ny fomba fanefana trosa dia azo atao amin'ny alalan'ny fijerena azy amin'ny fotoana ny fangatahana findramam-bola. Ny tentin'ny vola nindramina dia arotsaka avy hatrany ao amin'ny kaonty Orange Money an'ny Mpanjifa amin'ny fotoana ankatoavan'ny PAMF MADAGASCAR ny findramam-bola.
- Rehefa misy fankatoavana ny fangatahana findramam-bola, ny PAMF MADAGASCAR dia mampahafantatra ihany koa ny Mpanjifa amin'ny alalan'ny SMS. Io SMS io dia manamafy ny fepetra manokan'ny findramam-bola azon'ny Mpanjifa.
- Ny fandavana na ny fanekena ny findramam-bola dia ampahafantarina ny Mpanjifa eo noho eo amin'ny alalan'ny SMS.
- Ny PAMF MADAGASCAR irery ihany no hany manan-jo hanova ireo fepetra manokana momba ny findramam-bola, ao anatin'izany ny karama izay tokony ho azy, raha ireo fitsipika sy ny fomba fampiharana fitsipika manan-kery mikasika ny BFM no jerena sy ireo politika anatin'ny PAMF MADAGASCAR. Kanefa, ny fanovana ireo fepetra manokana ireo dia tsy tokony hisy fiantraikany amin'ny findramam-bola an-dala-panatanterahina.
- Ny findramam-bola dia tokony hoefain'ny Mpanjifa amin'ny datin'ny fe-potoana farany nifanarahan'ny roa tonta araka ny fepetra manokan'ny findramam-bola. Kanefa, ny Mpanjifa dia afaka manefa ampahany na manontolo ny vola nindramina, sy ireo sarany, mialoha ny datin'ny fe-potoana farany mandalo amin'ny fomba famerenam-bola voalaza ao amin'ny Lisitry ny Tolotra m-kajy.
- Ny famerenam-bola (tentim-bola voalohany + sara raikitra) amin'ny datin'ny fe-potoana farany dia atao amin'ny fakana mandeha ho azy amin'ny Kaonty Orange Money an'ny Mpanjifa.

Amin'ny tranga tsy fanatanterahana ny famerenam-bola amin'ny fe-potoana farany amin'ny findramam-bola:

- Ny fakana vola rehetra manontolo na ampahany amin'ny renivola amin'ny Kaonty Tahiry ary koa amin'ny Kaonty Orange Money dia mihitsoka raha mbola tsy mahaloa ny vola nindraminy ny Mpanjifa, ary tsy misy fampahafantarana mialoha sy tsy misy andraikitra azo anenjehina ny PAMF MADAGASCAR amin'izany.
- Raha ny tentim-bola ao amin'ny Kaonty Orange Money tsy ahafahana manefana ny ambin'ny vola nindramina sy ny sara raikitra izay tokony haloa, dia mandeha ho azy ny fakana vola amin'ny Kaonty Tahiry hanefaina manontolo ny tentim-bola ambiny amin'ny vola nindramina.
- Ambonin'ny fandoavana ny tentim-bola ambiny amin'ny vola nindramina izay tokony mbola haloa sy ny sara raikitra, dia misy saran-tsazy raikitra ho 9% (Sivy isan-jato) manomboka amin'ny andro voalohan'ny fahatarana takiana sy kajiana amin'ny tentim-bola tsy voaloa amin'ny vola nindramina.
- Misy SMS fampahatsiaivana sy/na hafatra am-bava amin'ny alalan'ny finday milaza ny tentim-bola tsy voaloa izay mandeha ho azy avy hatrany mba hampahafantarana ny Mpanjifa ny tsy fandoavany ny trosa.
- Ny sanda rehetra miditra ao amin'ny Kaonty Orange Money dia mandeha ho azy ny fakana sy ny famindrana izany any amin'ny PAMF MADAGASCAR mandra-pahaefan' ny vola nindramina sy ny sara rehetra miaraka aminy
- Ny fahataran'ny famerenam-bola rehetra mihoatra ny 120 (roapolo amby zato) andro dia miteraka fanafoanana ny fifanarahana sy fanakatonana ny Tolotra m-kajy. Araka izany, PAMF MADAGASCAR dia manan-jo hametraka fitoriana ho tohin'ny fampandrenesana mialoha izay nijanona tsy nahitam-bokany.
- Ny Mpanjifa dia ampahafantarina fa raha misy fandikana ny fepetra ankapobeny, ny tentim-bola ambin'ny vola nindramina tokony mbola hoefaina, miampy ireo sara raikitra, ary koa ny saran'ny sazy dia tsy maintsy averina avy hatrany sy tokony hefaina avy hatrany
- Ny mpanjifa dia ampahafantarina fa tsy afaka manao fangatahana findramam-bola izy raha ny vola nindraminy tsy mbola voaloa amin'ny andro anaovany ny fangatahana, na raha tsikaritra fa sendra misy tsy fandoavam-bola teo aloha, izay niteraka fanoratana ny Mpanjifa ao anatin'ny ranty fandrarana (lisitry mainty) tantanin'ny PAMF MADAGASCAR.

Raha misy tsy fandoavana ny vola nindramina, ny fitsipika manan-kery dia manery ny PAMF MADAGASCAR ny hampahafantatra ny Foibe mikasika ireo Olana mety hitranga sy ny mombamomba ilay Mpanjifa ary ny laharan'ny karapanondrony ary koa ny satan'ny antontan-taratasiny (ao anatin'izany ny tsy fanefana trosa izay miteraka ny fandrarana findramam-bola vaovao). Ny mpanjifa dia manaiky fa ireo fampahafantarana ny zavamisy ireo dia alefa any amin'ny CdR ary izany dia atao ho azon'ireo orindraharaha findramam-bola hafa zahana.

Ny mpanjifa dia manambara fa nampahafantarina tanteraka ireo fepetra voalaza teo aloha ireo. Vokatr'izany, anjaran'ny mpanjifa no mandray ny fepetra rehetra mba handoavana ara-potoana ny tentim-bola voaloany na ny tentim-bola ambiny amin'ny vola nindramina mbola tokony haloa sy ny sara raikitra takiana, ary koa ireo sara hafa rehetra azo takiana.

Raha misy fahatarana amin'ny famerenam-bola ary raha toa ka manana kaonty eo anivon'ny masoivoan'ny PAMF MADAGASCAR ilay mpanjifa, dia manome alalana ny PAMF MADAGASCAR izy hisintona ny sandan'ny vola ao amin'ny kaontiny mba hanefana ilay fahatarana, ka izany dia voafetra amin'ny haavon'ilay vola tokony mbola ho efaina.

Andraikitry ny Mpanjifa ireto manaraka ireto ary tsy maintsy ataony:

- Ireo fandaniana rehetra izay tsy maintsy ataon'ny PAMF MADAGASCAR noho ny findramam-bola nataon'ny Mpanjifa na izay amin'nyfamerenam-bola, na amin'ny fazahoana ny vola nindramina.
- Ny tahan'ny hetra, haba na vesatra samihafa amin'izao na ireo mbola ho avy mifandraika amin'ny findramam-bola.

6.2 Kaonty Tahiry Be

Io kaonty io dia tsy azo idirana afa-tsy amin'ny alalan'ny fitaovan'ny Mpanjifa irery ihany miainga amin'ny lisitry ny Tolotra m-kajy. Ny Mpanjifa manana kaonty Tahiry Be m-kajy, amin'ny fotoana rehetra (24 ora / 24 ora sy 7 andro / 7 andro) dia afaka manatanteraka ireto raharaham-bola manaraka ireto:

- Fanokafana kaonty Tahiry Be (famindram-bola miainga amin'ny kaonty Orange Money mankany amin'ny kaonty Tahiry Be m-kajy) ka ny tentiny farany ambany dia noraiketina ho 10 000 MGA (iray alina ariary) isaky ny raharaha famindram-bola atao ary ny tentiny farany ambony dia voafetra ho 10.000.000 MGA (folo tapitrisa Ariary) isaky ny raharaha famindram-bola atao ;
- Fijerevana ny vola ao amin'ny Kaonty Tahiry Be.
- Ny isan'ny raharaha famindram-bola azo atao eo amin'ny samy Kaonty dia tsy misy fetrany ary maimaim-poana ho an'ny Mpanjifa.

Ny mpanjifa iray dia afaka manokatra kaonty Tahiry Be maromaro ao amin'ny tolotra m-kajy.

Ny Kaonty Tahiry Be dia kaonty mihidy azahoana zanabola izay kajiana isan'andro ary ampidirina anaty kaonty Tahiry tsotra m-kajy rehefa tonga ny daty farany nosafidiana hitahirizana ny vola na ny daty namakiana azy mialoan'ny fotoana. Ny fikajiana ny zanabola dia miankina amin'ny fotoana hitahirizana azy, raha tahirizina 1 volana: 3,5% (telo faingo dimy isan-jato) isan-taona, 3 volana: 4,5% (efatra faingo dimy isan-jato) isan-taona, 6 volana: 5,5% (dimy faingo dimy isan-jato) isan-taona.

Raha vakiana mialohan'ny fotoana ny kaonty Tahiry Be dia hafindra makao amin'ny kaonty Tahiry tsotra ny renivola napetraka miaraka amin'ny zanabola izay haverina kajiana amin'ny taha vaovao : raha vakiana mialoha ny 1 volana : 2,5% (roa faingo dimy isan-jato) isan-taona, raha vakiana mialoha ny 3 volana : 3% (telo isan-jato) isan-taona, raha vakiana mialoha ny 6 volana: 4% (efatra isan-jato) isan-taona.

ANDININY FAHA-7: FEPETRA MOMBA NY LAFINY VOLA

Misy sara mifandraika amin'ny fampiasana ny Tolotra m-kajy aloan'ny mpanjifa, ireo dia alaina amin'ny Kaonty Orange Money sy, raha tsy izany, amin'ny Kaonty tahiry ary izany dia tsy misy fampahafantarana na filazana mialoha, ao anatin'izany : ireo sara raikitra, ireo sarana sazy mety hitranga, ny sara amin'ny fampiharan-dalàna, tafiditra amin'izany ny saran'ny mpisolovava nalain'ny PAMF MADAGASCAR mandritra ireo fampandehanan-draharaha momba ny fitsarana, fanelanelanana na hafa avy amin'ny famindram-bola amin'ny Tolotra m-kajy. Ireo sara dia mampiditra ihany koa ny haba amin'ny sandam-bidy, ary koa ireo hetra hafa rehetra na fakana vola tsy maintsy atao amin'ny taha mihatra.

ANDININY FAHA-8: FIKARAKARANA IREO FANGATAHANA SY FAMINDRAM-BOLA

Ny famindram-bola rehetra ataon'ny mpanjifa amin'ny Tolotra m-kajy dia atao amin'ny alalan'ny fandefasana ny fangatahana miainga amin'ny lisitry ny Tolotra m-kajy. Ny mpanjifa dia manome alalana ny PAMF MADAGASCAR hiasa amin'ny fangatahana voaray ary tsy mitaky na inona na inona fanamafisana fanampiny avy any aminy. Ny PAMF MADAGASCAR na izany aza no hany manan-jo ny hangataka fanamafisana an-tsoratra amin'ny fangatahana rehetra.

Ny fangatahana rehetra dia tsy azo ovaina, ny fampiasana ny Teny miafina tsiambaratelo Orange Money mba hanaovana izay hampanan-kery ny fangatahana iray na ny famindram-bola dia sokajiana ho toy ny porofo hita maso sy tsy azo ovaina araka ny sitrapon'ny Mpanjifa, raha tsy hoe ny PAMF MADAGASCAR dia mahazo fampahafantarana mialoha avy amin'ny Orange Money Madagascar na inona na inona antony, na avy amin'ny Mpanjifa noho ny halatra na fahaverezan'ny Fitaovany na noho ny Teny miafina tsiambaratelo Orange Money izay azy ary tsy voaaro intsony.

Ny PAMF MADAGASCAR dia mahazo alalana hanantanteraka ireo baiko mifandraika amin'ny Tolotra m-kajy an'ny mpanjifa izay mety hotakiana amin'ny alalana didim-pitsarana avy any amin'ny Fitsarana na manam-pahefana iray na ny orindraharaha mahefa araka ny lalàna ampiharina.

Misy fanamarinana alefa isaky ny famindram-bola atao. Io fanamarinana io dia alefa amin'ny alalan'ny SMS miaraka amin'ny Sorabolan'ny Kaonty Orange, amin'ny Kaonty Tahiry m-kajy na ny sorabolan'ny vola nindramina izay nohavaozina ary amin'izany dia miavaka tsara ny sara sy/na ny sazy araka ny anaran'ny famindram-bola natao. Ireo fanamarinana ireo dia natao hanoritana sy hamantarana ny famindram-bola natao.

ANDININY FAHA-9: FIZAHANA NY FAMPINDRAMAM-BOLA

Ireo fampahafantarana ny zavamisy momba ny kaonty, ao anatin'izany : ny Sorabolan'ny kaonty tahiry m-kajy, ny sorabolan'ny findramam-bola raha misy ny famerenam-bola ampahany natao mialoha ny fotoana sy ireo fampahafantarana ny zavamisy momba ny findramam-bola dia azon'ny Mpanjifa zahana amin'ny fangatahana tsotra amin'ny alalan'ny SMS. Ireo fampahafantarana ny zavamisy ireo, ary koa ireo famindram-bola natao farany tamin'ny Tolotra m-kajy dia azo zahana mivantana ao amin'ny alalan'ny lisitry ny Tolotra m-kajy amin'ny fitaovan'ny Mpanjifa; ary koa eny anivon'ny Sampandraharaha misahana ny Mpanjifa Orange Money.

Orange Money dia manan-jo hampandoa amin'ny Mpanjifa ny saran'ny SMS fampahafantarana ny zavamisy.

Ireo fampahafantarana ny zavamisy nampitaina dia sokajiana ho toy ny marina mandra-pisiana porofo atolotry ny mpanjifa izay mifanohitra amin'izany.

ANDININY FAHA-10: ANDRAIKITRY NY MPANJIFA

Ny Mpanjifa dia tompon'andraikitra amin'ny fampandehanana tsara ny fitaovany sy ny fitantanana ny fitaovany amin'ny Tolotra m-kajy.

Ny fampiasana ny fitaovana ankoatra ny fampiasana ny Tolotra m-kajy (feo, SMS, tranonkala, Orange Money, hafa) dia mahatonga ny fampandoavana sara ataon'ny Orange Madagascar na Orange Money Madagascar, araka ny fepetra manokan'ny Orange Money manan-kery.

Ny Mpanjifa dia tompon'andraikitra amin'ny fitehirizana tsara sy ny fampiasana tsara ny Fitaovany, ary koa amin'ny lafiny tsiambaratelo ny Teny miafina tsiambaratelo Orange Money.

Ny Mpanjifa dia tompon'andraikitra amin'ny fampindram-bola rehetra natao tamin'ny Fitaovany.

Ny Mpanjifa dia tokony handray ireo fepetra voasaina tsara mba hamantarana ny fampiasana rehetra tsy nahazoana alalana avy amin'ny Tolotra m-kajiny. Noho izany, izy no manara-maso mba hahatonga ny serasera rehetra avy amin'ny PAMF MADAGASCAR dia voajery sy voamarin'izy tenany ihany na amin'ny anarany amin'ny fotoana handraisana izany mba hahafahana miantoka ny hoe ny fampiasana rehetra tsy nahazoana alalana amin'ny Tolotra m-kajiny dia ho tratra.

Ny Mpanjifa dia tokony hampahafantatra avy hatrany ny PAMF MADAGASCAR na ny Orange Money Madagascar amin'ny alalan'ny sampandraharaha momba ny Mpanjifa Orange Money amin'ireto tranga manaraka ireto :

- Ny teny miafina tsiambaratelon'ny Orange Money dia mety ho fantatry ny olona tsy nahazo alalana sy/na olona mampiahiahy
- Ny fampiasana tsy nahazoana alalana ny Tolotra m-kajy dia niseho na mety hiseho ary mety ho nisy famindram-bola miharo hosoka na tsy azo antoka natao tamin'ny kaonty,

Ny Mpanjifa dia tokony hanaraka amin'ny fotoana rehetra ny fampandehanan-draharaha fiarovana izay nampahafantarina azy tamin'ny alalan'ny PAMF MADAGASCAR na ireo fampandehanan-draharaha hafa rehetra ampiharina amin'ny Tolotra m-kajy. Ny Mpanjifa dia manaiky fa ny tsy fanatanterahana na ny fanadinoana, avy aminy, ireo paikady fiarovana nasaina tanterahina dia mety hiteraka fandikana ny lafiny tsiambaratelo mikasika Tolotra m-kajiny.

Na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana manao ahoana, ny mpanjifa dia tsy tokony hitrandraka na hampiasa ny Tolotra m-kajy amina fomba izay mety hiteraka fahavoazana, mivantana na ankolaka, amin'ireo zon'ny PAMF MADAGASCAR, ny Orange Madagascar na ny Orange Money Madagascar. Ny Mpanjifa dia manaiky ihany koa fa tsy hampiasa ny Tolotra m-kajy amina tanjona fanaovana fandikan-dalàna amin'ny lalàna na fitsipika ampiharina.

ANDININY FAHA-11 : FANAGIAZANA NY KAONTY

Ny Kaonty tahiry m-kajy sy ny kaonty hafa rehetran'ny mpanjifa misokatra eo anivon'ny PAMF MADAGASCAR dia azon' ny mpampindram-bola giazana ao anatin'ny fanajana ny fampandehanan-draharaha ara-dalàna mifandraika amin'izany.

ANDININY FAHA-12: FAMARITANA NY ANDRAIKITRY NY PAMF MADAGASCAR SY NY ORANGE MONEY RAHA ILAINA IZANY

Ny PAMF MADAGASCAR dia tsy azo tazonina ho tompon'andraikitra amin'ny fahavoazana na fahaverezana mihatra amin'ny Mpanjifa raha tsy amin'ny trangam-pahavoazana niseho vokatry ny fahadisoana mivantana avy amin'ny PAMF MADAGASCAR, ary azo porofoina mazava.

Ny PAMF MADAGASCAR dia tsy tompon'andraikitra amin'ny fahaverezana na fahavoazana mihatra amin' ny Mpanjifa amin'ny tranga:

- Tsy fisiana renivola ampy ao amin'ny kaonty Orange Money sy/na ao amin'ny Tolotra m-kajy;
- Tsy fandehanana na fahasimban'ny Fitaovan'ny mpanjifa, ny rafitry ny Orange Money na ny Tolotra Orange Money, ny Tambajotran'ny fifandraisan-davitra na ireo tambajotra rehetra mpizara, vokatry ny zava-miseho tsy voafehin'ny PAMF MADAGASCAR.
- Fahatapahan'ny herinaratra, fahasimban'ny fitaovam-pitahirizana, tranga voajanahary, fikomian'ny vahoaka, asa fanakorontanana, fanimbana, fampihorohorona, na ireo tranga hafa rehetra tsy voafehin'ny PAMF MADAGASCAR.
- Fampahafantarana ny zavamisy tsy marina, tsy hay vakiana, tsy feno na tsy marina misy ao amin'ny fangatahana voarain'ny PAMF MADAGASCAR.
- Fahadisoana na tsy fahalavorarian'ny Tolotra m-kajy sy ny Fitaovana, vokatry ny tsy fahatomombanan'ny fandehanan'ny Fitaovan'ny Mpanjifa, vokatry ny koroka na *virus* infôrmatika.
- Raha ny renivola ao amin'ny Kaonty tahiry m-kajy dia voan'ny fampiharan-dalàna didy fangihazana na famerana hafa araka ny lalàna na fampiharan-dalàna.
- Torolalana tsy mety na tsy feno amin'ireo fangatahana mikasika ny Tolotra m-kajin'ny Mpanjifa
- Ny fampiasana miendrika hosoka rehetra, mihoa-pampana na tsy araka ny lalàna amin'ny Tolotra m-kajy, sy/na amin'ny Fitaovan'ny Mpanjifa na amin'ny fananan'ny Mpanjifa lôjisialy hafa;

Amin'ny tranga rehetra ny PAMF MADAGASCAR dia tsy azo tànana mihitsy ho tompon'andraikitry ny fatiantoka tsy mivantana. Ireo fatiantoka tsy mivantana dia ireo tsy avy amin'ny fahasimbana misy eo amin'ireo tolotry ny PAMF MADAGASCAR manokana sy mivantana. Ny atao hoe fatiantoka tsy mivantana dia ireo tsy fahazoana mitrandraka sy ireo fahavoazana ara-barotra.

Raha toa ka tsy maintsy hanatanteraka fanovana na fanafoanana ny laharan'ny finday Orange-n' ny mpanjifa na inona na inona antony i Orange Money, PAMF MADAGASCAR dia tsy azo tanana afa tsy amin'ny fitehirizana ny satan' ny kaonty tahiry m-kajy sy/na izay mifandray amin'ny kaonty amin'ny laharana finday Orange iray. Raha izany famindrana izany no tsy azo tanterahina, ary ny kaonty tahiry m-kajy an'ny mpanjifa dia misy sorabola tsy misy trosa amin'ny fotoana anakantonana azy, ny tentim-bola dia efaina, aorian'ny fakana ny sara ampiharina. Raha ny Kaonty findramam-bola dia naharaisana sorabola misy trosa amin'ny fotoana fanakantonana ny Tolotra m-kajy, ny mpanjifa dia tokony handoa avy hatrany ny tentim-bola rehetra amin'ny PAMF MADAGASCAR.

ANDININY FAHA-13: FANOVANA - FAMPIATOANA - FANAFOANANA

Tsy voafaritra ny faharetan'ity fifanarahana ity ary mety hiafarana, amin'ny fotoana rehetra, araka ny sitrapon'ny roa tonta. Araka izany :

Ny Mpanjifa dia afaka manafoana ny fisoratana anarana amin'ny Tolotra m-kajy amin'ny fotoana rehetra amin'ny alalan'ny fametrahana taratasy fangatahana fanafoanana eny anivon'ny Sampana fanjifana Orange na ny Botika Orange.

Ny PAMF MADAGASCAR dia afaka mampianto, manafoana ny fifanarahana ary manakatona ny Tolotra m-kajy an'ny Mpanjifa:

- Raha ny PAMF MADAGASCAR nahatsikaritra na mahita antony inoana fa ny Mpanjifa dia mampiasa ny Tolotra m-kajy amina antony tsy nahazoana alalana, tsy ara-dalàna, mandika lalàna na hosoka na amina asa mahameloka.
- Raha ny Mpanjifa mampiasa (na manome alalana hanao asa toy izany) amin'ny fitaovany amina fomba mpampanahy, araka ny PAMF MADAGASCAR na ny Orange Money, fa mety hiteraka fiantraikany ratsy na mitera-pahavoazana amin'ny Tambanjotra na misy fiantraikany amin'ny Tolotra ;
- Raha ny Kaonty Orange Money dia nakatona noho ny antony samihafa;
- Raha ny mpanjifa dia tsy manaja ny iray amin'ireo andraikitra samihafa ao amin'ny fepetra ankapobeny (ao anatin'izany ny tsy famerenam-bola) ;
- Amin'ny trangana misy olana ara-teknika na noho ny antony ara-pitandroam-pilaminana;
- Amin'ny trangana fikojana na fampanarahana toetrandro ny votoatiny na ny fampiasana ny Tolotra m-kajy ;

- Raha tsy misy famindram-bola voarakitra an-tsoratra mihitsy amin'ny Kaonty Orange Money an' ny mpanjifa ao anatin'ny roa ambin'ny folo (12) volana mifanesy ;
- Raha ny PAMF MADAGASCAR dia manapa-kevitra fa ampiatoana na anajanona ny fanomezana ny Tolotra m-kajy noho ny antony ara-barotra, amin'ny tranga tsy azo ihoarana, na noho ny antony hafa izay ataony tsiambaratelo;
- Raha ny mpanjifa dia voasoratra ao anatin'ny ranty fandrarana (lisitry mainty) noho ny tsy fandoavam-bola na vokatry ny asana hosoka na tsy ara-dalàna ;
- Raha ny Kaonty Orange Money an'ny Mpanjifa dia nofoanana noho ny antony samihafa

Raha ny Kaonty tahiry misy sorabola tsy misy trosa amin'ny fotoana fanakatonana, ny PAMF MADAGASCAR dia manefa ny sorabolan'ny Mpanjifa, amin'ny alalan'ny famindrana ny sorabola rehetra ao amin'ny Kaonty tahiry makany amin'ny Kaonty Orange Money an'ny Mpanjifa aorian'ny fakana ny sara ampiharina.

Raha ny sorabola findramam-bola ahitana sorabola misy trosa amin'ny fotoana fanakatonana ny Tolotra, ny Mpanjifa dia tokony handoa avy hatrany ny tentim-bola rehetra amin'ny PAMF MADAGASCAR alohan'ny fanakatonana ny tolotra.

Amin'ny trangana fampiatoana ny Kaonty Orange Money an'ny Mpanjifa sy araka ny fanajana ny fampandehanan-draharaha sy ny fepetra manan-kery, ny Tolotra, anton'izao fandraiketana an-tsoratra izao dia mitohy avy hatrany, tsy misy fampiatoana ny fikajiana na ny fandrotsahana ny zana-bola ao amin'ny Kaonty tahiry ary tsy misy famerenana fe-potoana na ny sara samihafa, na toy inona na toy inona izany amin'ireo findramam-bola eo an-dalam-panatanterahana azy.

Ny PAMF MADAGASCAR amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny alalan'ny fampandrenesana dimy ambin'ny folo (15) andro mialoha, dia afaka manova aty aoriana ireo voalaza ao amin'ny fepetra ankapobeny sy ny lazan-tsara miaraka amin'ny faneken'i Orange Money. Ny Mpanjifa dia ampahafantarina izany amin'ny fomba rehetra, amin'ny fomba elektronika amin'ny tranon-kalam-pifandraisana: www.PAMF Madagascar.mg sy ny tranon-kalam-pifandraisana www.orange.mg, SMS na amin'ny alalan'ny taratasy izay azo raisina eny anivon'ny Toeram-pitsinjarana Orange Money sy ireo Sampana fanjifana Orange an'ny PAMF MADAGASCAR. Ireo fanovana ireo dia mihatra avy hatrany aorian'ny famoahana azy. Raha mbola mitohy mampiasa ny Tolotra m-kajy, ny Mpanjifa dia sokajiana ho manaiky ireo fanovana ny fepetra ankapobeny. Ny fampahafantarana rehetra mikasika ny fandavana ny fanovana natao tamin'ny fepetra ankapobeny na ny lazan-tsara dia sokajiana ho toy ny fangatahana fanafoanana ny fisoratana anarana amin'ny Tolotra m-kajy.

ANDININY FAHA-14: FAMOAHANA NY FAMPAHAFANTARANA ZAVAMISY

Mba hanatsarana ny fahaiza-manaon'ny PAMF MADAGASCAR amin'ny fanatanterahana ny asany ao anatin'ny fanajana ny voalazan'ny lalàna na ny fitsipika ampiharina, ny Mpanjifa dia manome alalana manokana ny PAMF MADAGASCAR sy ny Orange Money ny famoahana ny fampahafantarana ny zavamisy momba ny tena manokana, ireo antontan-taratasy mikasika ny tenany na ireo tahirin-kevitra mikasika ny Tolotra m-kajy sy ireo antsipiriany amin'ny fampiasana izany amin'ny tolotra m-kajy:

- Amin'ireo manam-pahefana rehetra mpandamina na ara-pitondrana mahefa ao amin'ny sehatry ny raharaha fisorohana mialoha, ny fitadiavana sy/na ny famotorana amin'ny ady heloka na ny hosoka;
- Amin'ireo mpandraharahan'ny tolotra PAMF MADAGASCAR, ireo mpanelanelana, ireo mpitandro filaminana na ireo orinasa hafa izay mety ho na lasa ho mpifandray na orinasa fampiasam-bolan'ny PAMF MADAGASCAR, hanatanterahana raharaham-barotra ;
- Amin'ireo mpisolovava na ireo Mpanara-maso ny kaontin'ny PAMF MADAGASCAR, ny Orange Money Madagascar na ny Orange Madagasikara, na ny fitsarana mahefa, mikasika fitondran-draharaha eo amin'ny fitsarana na asa fanombanan-draharaha.

Ny Mpanjifa dia manome alalana ihany koa amin'ny fampiasana ny fampahafantarana ny zavamisy momba ny Mpanjifa amin'ny lafiny ara-barotra misy antony mifandraika amin'ny fampiasan'ny Mpanjifa ny Tolotra, toy ny raharaha momba ny haivarotra sy ny fikarohana; ary amin'ny fampiharana ara-barotra, ao anatin'izany, ary tsy mijanona amin'izany, ny fanaraha-maso ny kalitao, ny fanofanana sy ny fanaovana izay hahazoana antoka ny fampandehanana mahomby ireo rafitra mijoro.

Ireo antso, taratasy, SMS na fitanana nalefa, natao na voarain'ny Mpanjifa dia azo arahi-maso sy/na voarakitra an-tsoratra eo amin'ny sehatry ny fitondrana malaky ny raharaha, indrindra ny mikasika ny fanaraha-maso ny kalitao, ny fanofanana, ny fampandehanana tsara ny tolotra, ny fisorohana amin'ny fampiasana tsy nahazoana alalana tamin'ny Tolotra sy tamin'ny Tambajotra, ary koa ny fitadiavana sy ny fisorohana fisianana heloka sy fandikan-dalàna.

Ny frantsay sy/na ny malagasy no teny ôfisialy ampiasaina amin'ny serasera mandritra ny faharetan' izao fifanarahana izao.

ANDININY FAHA-15: ZO FIZAKANA EO AMIN'NY SEHATRY NY FAMORONANA

Ny fitambaran' ireo zo hanamaro voafetra (copyrights), ireo marika voapetraka, ary koa ny zo hafa rehetra eo amin'ny sehatry ny famoronana mifandraika amin'ny Tolotra na ny votoatin'ny tahirin-kevitra mifanaraka amin'izany dia an'ny PAMF MADAGASCAR na raha tsy izany dia izay omeny azy.

ANDININY FAHA-16: FIDIRAN'NY MPIANTOKA MIKASINA ANDRAIKITRY NY PAMF MADAGASCAR

Ny PAMF MADAGASCAR dia afaka manome malalaka hotanterahana Mpiantoka hafa iray na maromaro ny ampahany amin'ireo andraikiny araka ny safidiny, (sous-traitants), saingy mijanona irery ho hany tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana tsara izany.

ANDININY FAHA-17: LALANA AMPIHARINA SY ANJARA ASAN'NY FITSARANA

Izao fifanarahana izao dia notanterahina sy nodinihina araka ny lalàna ny Repoblikan'i Madagasikara. Mba hanatanterahina izao fifanarahana izao sy ny tohiny, dia natao ho ao amin'ny foibe sosialy an'ny PAMF MADAGASCAR ny adiresin'ny an-daniny sy ny an-kilany sy any amin'ny toeram-ponenany avy izay notondroin'ny an-daniny sy ny an-kilany tamin'ny fotoana nisoratana anarana ho an'ny Mpanjifa. Ny roa tonta dia miezaka ny hamaha ny fifanolanana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana mikasika ny maha-manan-kery ny fifanarahana, ny fanakaran-kevitra atao amin'izany, ny fampiharana azy io. Raha tsy misy io fanaovana raharaham-pihavanana io ao anatin'ny iray (1) volana manomboka amin'ny fampahafantaran'ny iray amin'ny an-daniny ny fifanolanana, ny an-kilany izay dodona indrindra no mitondra ny raharaha any amin'ny Fitsarana mahefan'Antananarivo